

# *FANTATRO FA VELONA*

## *NY MPANAVOTRA AHY*

 . . . ireo andro masina rehetra, dia ity ny andro, ny andron'ny fitsanganana. Tonga miaraka amin'ny hafalian'ny fo, satria velona Izzy. Ary hoy Izzy hoe, "Satria velona Aho, dia velona koa ianareo." Ary fanantenana iray toy ny inona izany, izay ahafahantsika hitsaharana, izao maraina izao.

<sup>2</sup> Ankehitriny alohan'ny hahazoantsika ny Hafatry ny maraina mihitsy, dia ndao isika hanondrika ny lohantsika, vetivety kely fotsiny, ho an'ny vavaka.

<sup>3</sup> Andriamanitra malala, mankasitraka izahay izao maraina izao, ny ho olona izay nantsoina tamin'Ny Anaranao. Tena faly izahay fa tsy mila maminavina, intsony, ny fitsanganana lehibe iray izay ho avy; satria efa lasa zava-misy iray aminay izany, araka ny namakianay an'izany tao amin'Ny Teninao, ka mahita fa Ianao no nampanantena an'izao, ary nahatsapa an'izany tao anatin'ny fanahinay, fa velona Jesosy . . . [Elanelana tsy voarakipeo—Mpand.]

<sup>4</sup> Oh, mieritreritra izahay, izao maraina izao, an'ireo aretimpo maro izay nanerana ny fiainana, sy alahelo maro izay nolalovanay, ary ireo fahatsapana izay nandrovitra anay, ka nanipy anay ho an'ireo rivotry ny tany. Ahoana fa nandevina an'ireo malalanay izahay, ary nalahelo teo amin'ny fasana. Ary ireo—ireo fanahinay dia toy ny saiky levona tao anatinay. Fa, avy eo, dia afaka mieritreritra ny androany izahay, oh, ny dikan'ny hoe nitsangana tamin'ny maty Jesosy! Nendahany ny fahefana rehetra an'ny fahavaloo, rehefa nitsangana Izzy, nandresy. Nesoriny ireo aloka rehetra. Ankehitriny dia mandeha ao amin'ilay hazavana sarobidy an'ny Fitsanganany izahay.

<sup>5</sup> Oh, afaka mieritreritra izahay, sivinjato sy arivo taona mahery, na mihoatra, izao maraina izao, rehefa teny amin'ny lèlany nankany amin'ny fasana ny vehivavy kely anankiroa, nanontany hoe iza no hanala ny vato. Saingy Andriamanitra no efa nanala azy. Ary ilay Anankiray izay voatazona, dia efa nitsangana tamin'ny maty ka niresaka tamin'izy ireo. Ary nanao hoe, "Mandehana, teneno ireo Mpianatro, sy Petera, fa hihaona amin'izy ireo any Galilia Aho."

<sup>6</sup> Oh, toy ny ahoana no isaoranay Anao ny amin'izao fahatsapana lehibe izao, hoe mbola afaka manambara an'io fitsanganana io foana izahay, ary lasa tena misy aminay mihitsy tahaka azy tamin'izy ireo tamin'io maraina io, satria nitsangana tamin'ny maty Izzy.

<sup>7</sup> Mamelà anay ny amin'ny fahotanay sy ny tsirambinay, izay rehetra nataonay na nolazainay, na noeritreretinay mihitsy aza, izay diso, Tompo. Mivavaka izahay mba Hamelànao anay ny amin'ireo zavatra ireo. Ary asio tombokase izahay, lalina mihitsy. Sintony akaiky izahay, izao maraina izao. Oh, matetika dia mitsangana ao amin'ireo aloka Ianao, rehefa tena lalina ireo olanay.

<sup>8</sup> Rehefa niverina avy tany am-pasana i Maria tamin'io maraina io, ka nitomany, dia nandre Feo iray izy taoriany, nanao hoe, "Nahoana ianao no mitomany?" Taoriany mihitsy Izy, nandinika fotsiny an'izay niseho. Ary rehefa niteny ny anarany Izy, dia toy ny ahoana no tsy maintsy niantsamboran'ny fony tamim-pifaliana, satria nitsangana tamin'ny maty ny Tompony.

<sup>9</sup> Oh, miresaha aminay izao maraina izao, Tompo. Omeo anay Ny Teninao sy Ny Fanahinao. Ary omeo antoka izahay, vaovao indray, izao maraina izao, raha miresaka ny amin'ireo mpaminany sy ireo olona samihafa izay niandry an'ity fotoana lehibe ity izahay.

<sup>10</sup> Ary miandry an'ilay fitsanganana faobe amin'ny andro farany izahay, rehefa ho avy indray ny Tomponay. Mandrapahatongan'izany, Tompo, dia tehirizo ho salama izahay, sambatra, feno fifaliana, mifaly. Ary tsy mivelona amin'ny mofo irevy ihany, fa ny Teny rehetra izay aloaky ny vavan'Andriamanitra, no enga anie anaovanay ny fivelomanay. Ekeo ho anay izany, Ray, fa mangataka an'izany amin'Ny Anarany izahay, Izay nitsangana tamin'ny maty ary nanome anay ny antoky ny fitsangananay. Amena.

<sup>11</sup> Raha nandeha teny an-dàlana aho fotoana vitsy lasa fotsiny izay, dia nieritreritra aho, raha nihira ireo vorona, hoe lohataona iray toy ny inona androany! Taorian'ny... Paska mety toy ny ahoana ilay izy! Taorian'ny nahalasanan'ilay ririnina maizina sy mangatsiaka, ary ireo tafiotran'oram-panalany sy ny sisa, avy eo dia nivoaka ilay hazavan'ny masoandro. Ary ny fahatongavan'ny masoandro dia mitondra fiainana vaovao, fanantenana vaovao, vanim-potoana vaovao, vokatra vaovao, voninkazo vaovao. Tonga eo amin'ny fiainana ny zavatra rehetra. Ahoana fa ny olona iray, izay tsy nanana Baiboly ho vakiana akory aza, dia mbola afaka mahafantatra fa misy Andriamanitra iray. Rehefa afaka mandinika ny natiora fotsiny izy, hoe ahoana no andehanany sy ahatongavany; ny fararano amin'ny taona no fanohomboana; ny lohataona amin'ny taona no fitsanganana; ary mahita an'Andriamanitra ao amin'ny zavatra rehetra fotsiny izany.

<sup>12</sup> Ary nieritreritra aho, raha nandre an'ireo vorona keliko nihira, teo an-tokontany aninkeo maraina, ireo menatratrata keliko, satria tiako mihitsy izy ireny. Izaho dia miantso azy ireny

hoe ireo radio keliko. Ary mivoaka aho ka mandefa ny radio-ko, ny maraina, mihaino azy.

<sup>13</sup> Ary, ankehitriny, fantatrareo ilay angano kely mikasika ny menatratra. Vorona volontany kely iray izy, arak'ilay angano, hatramin'ny Zoma Masina. Fa nisy Olona iray teo am-pahafatesana, irery, ary tsy nisy anankiray mba hanampy Azy. Ary nitsangana irery Izy. Ary voafantsika Izy, ary teo amin'ny hazo fijaliana iray. Ary vorona volontany kely iray no niezaka hanafaka Azy hiala amin'ilay hazo fijaliana. Ary nitsaingoka aloha sy aoriana, teo amin'ireo fantsika, sy teo amin'ireo tsilo teo amin'ny Lohany, ka lasa menan'ny rà tanteraka ny tratra keliny, ary hatramin'io dia lasa mena izany.

Dia nieritreritra aho hoe, “O Andriamanitra, izany no karazana fiarovan-tratra izay ilaiko.”

<sup>14</sup> Ary raha hanamarika an'ilay menatratra kely ianareo rehefa mitsaingoka ny tenany izy. Ao ambanin'io sosom-bolo mena kely io mihitsy, dia mainty, izany no sissa amin'ireo volony. Fa ilay—ilay fiarovan-tratra mena no miaro azy.

<sup>15</sup> Izany no ilaiko. Tsy mampaninona na toy ny ahoana aza no hiezahantsika ho tsara, fa mbola mpanota foana isika. Fa io fiarovan-tratra kely mena io fotsiny ihany no ilaina mba hanao azy ho samihafa amin'ireo vorona hafa. Io ihany no ilaina hanao antsika ho samihafa amin'izao tontolo izao, dia io fiarovan-tratra kely, mena an'ny Fahasoavany io fotsiny.

<sup>16</sup> Tonga eo amin'ny Paska isika izao maraina izao, tahaka ny marainan'ny Paska tsirairay izay andrasantsika, mba hiangona amin'ity fiposahan'ny masoandro vao maraina ity. Ary efa tombontsoako, nandritr'ireo taona maro lasa, ny tonga eto amin'ny tabernakla sy manao batisa ny olona, ary mitory ny fitsanganan'ny Tompo Jesosy amin'izy ireo.

<sup>17</sup> Ary raha nianatra aho, omaly hariva, nandritry ny tafio-drivatra, dia nieritreritra hoe, “Inona no teny mety ho lazaina, amin'ny maraina, amin'ity fotoan'ny fitsanganana ity?” Ary nilatsaka teo amin'ity lohahevitra izay vao avy novakian'ny rahalahintsika ity ireo eritreritro, avy tao amin'ny Joba ny toko faha-19, ary ny—ny andininhy faha-23 hatramin'ny faha-27. “Fantatro Fa Velona Ny Mpanavotra Ahy,” hoy i Joba. Ary izany no nosafidiako ho an'ny lohahevitra.

<sup>18</sup> Ary raha tonga isika, dia nahoana isika no tonga? Ho an'io tanjona io, fotsiny ihany, mba ahafahantsika mahita fanantenana vaovao.

<sup>19</sup> Eto an-tany eto isika, ary fantatsika fa miaina ao anatin'ny aizina isika. Tsy tokony haminavina kely fotsiny an'ireo zavatra ireo isika, na hivazivazy amin'ny tenantsika, tahaka an'izany, satria fantatsika fa miaina ao anatin'ireo aloky ny fahafatesana isika. Isaky ny mandre fiara mpitondra marary iray mihiakiaka isika, rehefa mandalo eo amin'ny tokontanim-pasana isika,

rehefa mahita hopitaly iray isika, ny volo fotsy tsirairay, dia mariho ao amin'ny fitadidantsika izany fa vahoaka iray voaheloka isika, na tanora na antitra.

<sup>20</sup> Ary tonga eo amin'ny maraina iray tahaka an'izao isika, mba hanangona fanantenana, fanantenana vaovao vitsivitsy ny amin'ny hoe ho an'ny inona no maha-eto antsika, ary inona ilay tanjona. Ary heveriko fa ity no fotoana iray mahafinaritra hieritreretana an'ireo fanantenana izay nomen'Andriamanitra antsika. Ankehitriny dia tiantsika ny hisintona an'izao, aloha, ho ao an-tsaintsika, fa tsy misy zavatra anankiray izay afaka mandrava antsika raha tsy efa tanteraka ny tanjon'Ilay Izay namorona antsika. Tsy mety hisy na inona na inona. Natao ho an'ny tanjona iray isika.

<sup>21</sup> Ity fiangonana ity dia naorina eto ho an'ny tanjona iray. Ity fototra ity dia tsy nangadiana, ary ny vato fehizoro izay napetraka, sy ireo biriky napetraka tao amin'ny—ny tranobe, sy ny tafo ary ny ivelany, dia tsy napetraka teto mba hijerena fotsiny raha mety ho vita ilay izy. Izany dia napetraka teto tamin'ny alalan'ny tanjona iray, na ho an'ny tanjona iray.

<sup>22</sup> Ny tranonareo izay ipetrahanareo, dia tsy napetraka tany tamin'ny kisendrasendra fotsiny, na nisy olona iray izay nandany fotoana iray fotsiny. Ny tranonareo dia natao ho an'ny tanjona iray, mba hanompo tanjona iray.

<sup>23</sup> Raha namily fiara ianareo, izao maraina izao, eto, tao anatin'ny fiaranareo, io fiara io dia tsy natao fotsiny mba hahitana raha mety ho vita ilay izy. Tsy nandanindany foana an'ireo fitaovana ny olona iray. Natao eto izy ho an'ny tanjona iray, sy hanompo tanjona iray.

<sup>24</sup> Ny akanjo izay anaovanareo, dia tsy mba ahitana fotsiny raha afaka manamboatra zavatra ny olona iray. Ho an'ny tanjona iray izany.

<sup>25</sup> Ny sakafio izay haninareo, dia tsy naniry teto an-tany mba hahitana fotsiny fa maniry izy. Natao hanompo tanjona iray izany.

<sup>26</sup> Ary tsy voatery nanao hazo iray fotsiny Andriamanitra mba ho hazo iray fotsiny. Nanao hazo iray ho an'ny tanjona iray Izy.

<sup>27</sup> Ary Andriamanitra tsy nanao ahy sy ianareo, mba hahitana fotsiny raha afaka manao an'izany Izy. Nanao antsika ho an'ny tanjona iray Izy. Noho izany, dia misy tanjona iray ny maha-eto antsika rehetra. Tsy eto ianareo mba ho olombelona iray hafa fotsiny. Eto ianareo satria Andriamanitra no nanao anareo ho an'ny tanjona iray. Tsy eto ianareo mba hihinana sakafio izay nampanirian'Andriamanitra fotsiny. Tsy eto ianareo mba hipetraka ao amin'ny trano izay—izay nataon'ny olona, na hanao akanjo izay namboarin'olona iray. Eto ianareo ho an'ny tanjona manokana iray. Tsy mampaninona na kely toy ny ahoana ianareo, na goavana toy ny ahoana, na tena ilaina toy ny

ahoana, na tsy ilaina toy ny ahoana, eto ianareo mba hanompo tanjona iray.

<sup>28</sup> Tahaka mihitsy, ny rantsan-tànakò dia eto ho an'ny tanjona iray. Ny hohon'ny rantsan-tànakò dia ho an'ny tanjona iray. Ny masoko, ary ny ampañany tsirairay an'ny vatantsika, dia hanompo tanjona iray. Ary izany dia tsy napetraka eto mba hahitana fotsiny hoe ho toy ny ahoana izy rehefa napetraka eto, fa izany dia napetraka eto mba hanompo ny tanjony. Drafitra Masin'Andriamanitra ny manao an'izany.

<sup>29</sup> Ary raha napetraka teto ho an'ny tanjona iray isika, amin'izay fotoana izay dia tsy misy afaka handrava antsika raha tsy tanteraka ny tanjon'Andriamanitra. Tsy misy na inona na inona afaka handratra antsika raha tsy io tanjona, izay nametrahan'Andriamanitra antsika eto io, no voaseho. Tsy mampaninona na firy ny aretina ananantsika, na firy ireo aretim-po sy alahelo izay lalovantsika, misy antony ireo rehetra ireo, ary misy antony iray ho an'izany.

<sup>30</sup> Ho raisintsika, ohatra, i Noa, ao amin'ny Baiboly. Nisy safo-drano iray izay tonga, ary rava ny tany rehetra. Rava ny zavamaniry sy ny zavatra rehetra afa-tsy i Noa sy ilay taranaka izay nentiny tao anatin'ny sambofiara.

<sup>31</sup> Tsy mety resy mihitsy ny tanjon'Andriamanitra. Tsy misy na inona na inona afaka handresy an'izany. Noho izany dia tokony ho sambatra toy ny ahoana isika androany, mijanona eo amin'izany fanambaran'ny Tenin'ilay Andriamanitra velona izany, hoe tsy misy na ireo zavatra ankehitriny, na ireo zavatra izay mety ho avy. Tsy misy aretina, na alahelo, na fahafatesana, na loza, na inona na inona afaka hampisaraka antsika amin'ny tanjon'ilay Andriamanitra velona. Izay nosaintsainin'Andriamanitra tao an-tSainy, izay nokendren'Andriamanitra tao am-Pony, mba hiseho; tsy misy demony, tsy misy hery, tsy misy na inona na inona hany afaka hampisaraka ny drafitr'Andriamanitra tsy mety maty, Mandrakizay. Tsy maintsy ho arak'izay nolazain'Andriamanitra izany.

<sup>32</sup> Noho izany dia hitantsika, fa tamin'ireo andro izay haharava an'izao tontolo rehetra izao tamin'ny alàlan'ny safo-drano, dia nanao fanomanana iray Andriamanitra. Fanomanana iray ho an'ny antony inona? Mba hitehirizana ny Tanjony. Nataony izany tamin'ny andron'i Noa.

<sup>33</sup> Ary Ataony izany amin'izao andro izao. Nanao fanomanana iray Izy, mba hitehirizana ny Tanjony manokana. Hitahiry Fiagonana iray Izy. Hitahiry vahoaka iray Izy. Hitahiry vahoaka ho an'ny Taniny lehibe Izy, izay tsy azon'ny fahafatesana ravàna. Ary fantatsika fa amin'ny finoana no inoantsika an'izany, fa ny fitsanganana no mamokatra fototra mafy iray izay itoeran'ny finoantsika. Tsy misy na inona na

inona afaka mandrava an'izany. Araka ny nosoratan'ilay poetry fahiny hoe:

Oh, fanandramana mialoha an'ny voninahitra  
Masina toy ny inona!

Mpandova famonjena, voavidian'Andriamanitra,  
Nateraky Ny Fanahiny, voasasa tao amin'Ny Ràny.

<sup>34</sup> Antoka iray toy ny inona, eo ambonin'ity Vatolampy mafity, ny fitsanganan'ny Mpitia antsika isaorana, ny Tompo Jesosy. Tsy misy na inona na inona afaka handrava an'izany. Efa nambolena izany. Izany no Taranak'Andriamanitra. Tanjona iray an'Andriamanitra ny hanome antsika ny Fanahy Masina voatahy. Tanjon'Andriamanitra ny haneho amintsika an'ireo famantarana sy fahagagana ary zava-mahagaga. Tanjon'Andriamanitra izany, ka tsy misy na inona na inona afaka handrava an'izany. Mety hiloka hanohitra an'izany ireo herin'ny helo rehetra, fa izany no handresy. Manana ny teny fikasana Mandrakizay an'Andriamanitra isika. Mety hisy mpampianatra, mety hisy isma hitsangana, mety hisy fandaharana malaza hitsangana, mety hisy zavatra izay toy ny hoe ho rava, saingy tsy afaka ny ho rava mihitsy izany. Tanjon'Andriamanitra ny mahita fa handresy izany. Noho izany, dia tsy miankina amiko izany, ary tsy miankina aminareo, na ho rava izy na tsia. Miankina amin'Andriamanitra izany. Ary afaka ny hitoetra manana antoka eo amin'izany isika, hoe Andriamanitra dia tsy hamela ny lovantsika ho rava mihitsy, satria Tanjony ny hanome an'izany ho antsika.

<sup>35</sup> Ankehitriny isika dia hieritreritra, ihany koa, androany, ny amin'ireo fandravàna, niezaka nandrava. Manana ny teny fikasan'i Kristy manokana isika.

<sup>36</sup> Mieritreritra an'ireo zanaka Hebreo isika, rehefa nanana tanjona iray ho azy ireo Andriamanitra. Rehefa tany Babylona tany izy ireo, ka nafanaina impito noho ny namanàna azy hatramin'izay ilay lafaoro, mba handrava ny tanjon'Andriamanitra. Ary romotra i Babylona manontolo. Nanapa-kevitra izy ireo, i Satana izany, ny handrava ny tanjon'Andriamanitra, satria fantany fa handeha ao anatin'ilay lafaoro ireo zanaka ireo. Noho izany dia namboariny ilay lafaoro, rehefa nafanain'izy ireo izany, nafana impito lavitra, mba hanana antoka fa ho rava ilay fandaharan'Andriamanitra. Fa tian'Andriamanitra ny haneho ny Heriny, ka tsy afaka nandresy an'io tanjona io i Babylona manontolo sy ny helo manontolo. Tsia, tompoko. Tsy mampaninona raha afaka nanafana an'io lafaoro io hafana an-tapitrisany lavitra aza izy ireo, tsy ho naharava ny tanjon'Andriamanitra mihitsy izany. Te-haneho Andriamanitra fa Izy no Andriamaniry ny fanafahana, ary Izy no hitondra fanafahana ho an'izay rehetra Iriany itondrana an'izany, ary tsy misy na inona na inona hisalovana ny Fandaharany.

<sup>37</sup> Noho izany rehefa nafanain'izy ireo ilay lafaoro, Sadraka kely, Mesaka ary Abednego dia nahafantatra fa hivoaka avy ao amin'io lafaoro io izy ireo. Satria izy ireo dia nilaza, tamin'ny tenany hoe, "Ny Andriamanitray dia mahay manafaka anay. Fa, na tsy izany aza, dia tsy hiankohoka eo amin'ilay sariolona izahay." Nanana olona izay hanompo Azy Andriamanitra, ary tsy ho resy ny Tanjony. Ny afo dia tsy afaka—tsy afaka handresy ny tanjon'ny drafitr'Andriamanitra.

<sup>38</sup> Ary, oh, toy ny ahoana no itiavako hilaza an'ity, izao maraina izao. Ireo baomba hydrogène rehetra eto amin'izao tontolo izao dia tsy afaka handresy ny fitsanganan'Ny Fiagonany mihitsy. Ny fomba fanazavana rehetra, sy ireo matematika rehetra, sy—sy ny sisa, izay novain'ity izao tontolo izao mahay ity, tamin'ny alàlan'ny tanjony hanaovana zavatra iray, mba handrava ny finoan'ireo zanak'Andriamanitra, dia tsy hahavita an'izany mihitsy. Hitohy ho velona mandrakizay io finoana io.

<sup>39</sup> Tanjon'Andriamanitra ny haneho fa Izy no nanana ny fahefana teo amin'ireo biby dia an'ny saha. Ary nametraka liona vitsivitsy tao anaty zohy iray izy ireo indray mandeha. Dia nataon'izy ireo matin'ny hanoanana izy ireo hany ka tena noana, ary afaka namiravira o—olona iray ho potipotika, amin'ny fandrombahana lehibe anankiray fotsiny. Ary nieritreritra ny devoly hoe, "Azo antoka, afaka handrava an'io mpaminany io aho, Daniela."

<sup>40</sup> Saingy efa nianiana tao am-pony i Daniela fa hanao ny tanjon'Andriamanitra. Ary Andriamanitra no nametraka an'izany tao am-pony. Talohan'ny nahafahan'i Daniela nanana an'io faniriana io, dia tsy maintsy efa nisy zavatra iray namorona an'io faniriana io. Talohan'ny nahafahany nanana an'io finoana io, dia tsy maintsy efa nisy zavatra niteny taminy fa nisy Andriamanitra iray izay afaka manafaka.

<sup>41</sup> Ary, oh, ahoana fa izany dia mifanojo izao maraina izao, amin'ilay finoana, ilay finoana velona an'Andriamanitra velona, ao amin'Ny Fiagonany. Misy zavatra ao am-pontsika izay miteny fa misy Tany iray any ankoatr'ilay renirano. Tsy afaka mametraka ny rantsan-tànako eo amin'io Tany io aho, ary tsy misy olona iray koa afaka, saingy misy zavatra iray ao anatintsika izay miteny amintsika fa:

Tsy ny fasana no tanjony;  
Fa ny vovoka ianao, ka hiverina ho vovoka,  
Dia tsy miresaka ny amin'ny fanahy.

<sup>42</sup> Misy zavatra ao anatintsika, afo iray izay mirehitra, jiro iray izay nampirehetin'Andriamanitra, ka tsy misy tsio-drivotra afaka hamono azy. Tsy misy fotoan'ny hatsiaka ao amin'ilay fiagonana, tsy misy fiyahafafana eo anivor'ny olona, tsy misy fanenjehana avy amin'izao tontolo izao, izay afaka hamono lelan'afو iray izay nampirehetin'Andriamanitra. Satria

tanjon'Andriamanitra ny hirehetan'ny Fanilony mazava an'ny fahafahana hatramin'ny Fihavian'ny Tompo, ka tsy misy hery afaka hamono an'izany. Hanao azy hirehitra mazava kokoa fotsiny ihany izy ireo araka ny hitsofany azy. Efa voaporofo nandritr'ireo taona fa ny fanenjehana no mampahatanjaka an'ilay Fiangonana.

<sup>43</sup> Ary Daniela, tsy nahafantatra hoe ahoana no hanaovan'Andriamanitra an'izany, ary tsy nahafantatra raha hanao an'izany Andriamanitra, saingy nahafantatra fa Izy dia mahay, ihany koa, manao an'izany, ary nahafantatra fa nisy zavatra tao anatin'y niteny taminy an'izany. Hitancareo, nanana tanjona iray Andriamanitra. Nanao ny zavatra rehetra hiasa ho an'io tanjona io Izy.

<sup>44</sup> Ary ny rehetra, androany, tsy mampaninona na toa tsy miraika toy ny ahoana aza isika matetika, ary toy ny ahoana no andehanan'ireo zavatra, ary ahoana no misy an'ilay Fiangonana ao amin'ity toerana ity sy *itsy* toerana itsy, izany rehetra izany dia tanjona Masin'Andriamanitra mba handasitra antsika sy hanao antsika ao amin'ny Fombany Manokana. Iza no mahafantatra hoe ahoana no anamboarana an'ilay fitaovana mihoatra an'ilay Mpamorona?

<sup>45</sup> Ary tsy afaka nihinana an'ilay mpaminany ireo liona, satria nandefa Anjely iray Andriamanitra. Nanana Anjely iray nijoro nanatrika Izy mba hiaro an'io mpaminany io, satria nanana tanjona iray Andriamanitra. Tiani ny haneho ny Tànanay mahery sy ny Tanjony tamin'io miseho ho mpanjaka io.

<sup>46</sup> Heveriko fa izany no miseho amin'izao andro izao, hoe Andriamanitra dia eo am-panaovana vahoaka iray ho vonona, izay Ahafahany haneho ny Tànanay mahery, mba hahatanteraka ny Tanjony mahery. Oh, tena faly aho, izao maraina izao, fa velona ato am-poko Izy, hoe tsy Andriamanitra maty iray Izy. Andriamanitra velona iray Izy. Ary tao anatiko ambany tao . . .

<sup>47</sup> Omaly maraina, dia nipetraka teo amin'ny sezan'ny mpanety iray aho, mba hanapaka ny voloko. Lehilahy tanora iray no nanapaka ny voloko, tany amin'ny trano fiasan-dRahalahy Egan. Dia nipetraka teo fotsiny aho, niaraka tamin'ny lohako niondrika. Ary, oh, tena reraka aho. Lava loatra ireo favoriako, ka niezaka aho ny hiala, tamin'ny maraina, ho an'ny fitsaharana kely alohan'ny hanombohan'ireo fotoana manaraka. Ary tena reraka aho, toy ny hoe hijanona tsy hitempo fotsiny ny foko. Ary raha mbola nipetraka teo aho, tampoka teo, dia afaka nandre ny olona rehetra niresaka aho, saingy toy ny hoe tany ivelany tany amin'ny habakabaka aho.

<sup>48</sup> Nieritreritra aho hoe, "Tratry ny aretim-po ve aho, ka niala fotsiny teo amin'ity sezan'ny mpanety ity?" Nieritreritra aho hoe, "Manontany aho raha izany no miseho?" Tsapako ireo tånakô; ngoly izy ireo. Ary toy ny hoe nijanona tsy nitempo ny foko.

Dia nieritreritra aho hoe, "Oh, saingy misy ny Filazantsara tsy maintsy toriana. Ary tsy misy hery afaka haka ahy raha tsy tanteraka ny tanjon'Andriamanitra."

<sup>49</sup> Tsy misy na inona na inona afaka handratra ahy, tsy misy zavatra iray, raha tsy tanteraka ny tanjon'Andriamanitra. Ary rehefa tanteraka izany, dia te-handeha miaraka amin'ny Tanjony aho. Rehefa mahavita Izy, amin'izay fotoana izay aho dia mahavita, ihany koa. Rehefa Vitany ny amiko, dia vitako ny fiainako.

<sup>50</sup> Rehefa Vitany ny aminareo, ianareo dia vita, ihany koa. Noho izany dia inona no fahasamihafana ataon'izany? Andriamanitra no mihazona an'izany rehetra izany eo an-Tanany. Na tanora isika na antitra, dia tsy fantatsika hoe rahoviana no ho tanteraka sy vita ny tanjon'Andriamanitra. Maka zaza kely Andriamanitra, indraindray, mba haneho fa afaka mitari-dàlana an'ireo fanahy keliny Izy. Ny zavatra rehetra izay Ataony dia ho an'ny tanjona iray. Izy no nilaza, fa tsy afaka mianjera avy eny amin'ny lanitra akory aza ny tsintsina iray, raha tsy Fantany izany. Ny zavatra rehetra dia mandeha ho an'ny Tanjony, amin'ilay ora sy amin'ilay fotoana mihitsy. Eo amin'ny Drafiny Masina izany rehetra izany. Tsy misy na inona na inona afaka handrava.

<sup>51</sup> Antoka iray toy ny ahoana izany ho an'i Abrahama, rehefa avy nahita an'Andriamanitra izy, ka nahafantatra fa nanana tanjona iray Andriamanitra. Ka, tao amin'io tanjona io, no Hitondrany, amin'ny alàlan'i Abrahama sy Saraha, zanakalahy iray. Ary tamin'ny alàlan'io zanakalahy io, Isaka, no ho tonga ny Tompo Jesosy. Ary tao amin'io tanjona io, no Nitondrany an'i Saraha sy Abrahama, sy hanaovany azy ireo ho vahoaka malaza iray ary nitondra an'io zanakalahy io; naka an'ilay olona tena ratsy indrindra mety nisy, mba hanaovana an'izany.

<sup>52</sup> Hafahafa toy ny ahoana, fa nandeha tao amin'ireo lèlana mahagaga Andriamanitra! Eny, toy ny hoe, raha nila hitondra zanaka iray Izy, ho an'ilay izao tontolo izao tahaka an'io, dia tokony ho naka vehivavy iray izay lonaka Izy. Ilay izy dia toy ny hoe tokony ho naka lehilahy iray izay tsy momba Izy. Tahaka an'i Abrahama sy Saraha, efa nivady nandrity ny taona maro, maro, nefá tsy lonaka izy. Tsy afaka hitaiza zaza iray izy. Eny, ilay izy dia toy ny hoe, tamin'izany, tokony ho naka vehivavy tanora iray izay lonaka Izy, izay afaka niteraka an'io zaza io. Saingy tian'Andriamanitra ny maneho ny Fahasoavany. Tian'Andriamanitra ny maka zavatra iray izay tsinontsinona ka manao zavatra iray avy amin'izany, satria Mpamorona Izy.

<sup>53</sup> Izany no antony Nakany ahy sy ianareo. Tsinontsinona isika, mba Ahafahany hanao zanaka izay Azy Manokana, avy amintsika izay mahatrantra, sy ory, sy very, sy jamba, ary tsy maha-te-ho tia, mba hanao antsika ho Zanany maha-te-ho tia. Tanjon'Andriamanitra ny hanao an'izany.

<sup>54</sup> Ary avy eo, indray, ilay izy dia toy ny hoe tokony ho naka vehivavy tanora iray sy lehilahy tanora iray Andriamanitra, mba hahavita an'io, vehivavy tanora iray sy lehilahy tanora iray izay vao avy nivady. Tokony ho nilaza Izzy hoe, "Ankehitriny, tsy manan-janaka ianareo. Ka Izaho dia hanao anareo, hiteraka ny zanakalahinareo voalohany, ary Izaho dia... Izzy no Ho Isakako."

<sup>55</sup> Saingy nisafidy lehilahy iray dimy amby fitopolo taona Andriamanitra, ary vehivavy iray dimy amby enimpolo taona, mba hanao ny Tanjony, mba haneho fa afaka ny ho tanora na antitra ianareo, Andriamanitra dia mbola afaka foana, ary ho afaka, hanatanteraka ny Tanjony. Izany tokoa. Ary rehefa dimy amby fitopolo taona i Abrahama, dia nahazo ny teny fikasan'Andriamanitra izy. Noteneniny tamin'i Saraha izany.

<sup>56</sup> Ary hoy ny devoly ankehitriny hoe, "Mba fantatrao moa? Hanatara an'izany vetivety fotsiny aho. Mino aho fa raha hanao azy ireo ho tena antitra aho, dia hahavery ny finoany izy ireo, ary ho fantatr'izy ireo fa tsy mety mitranga izany. Ary efa mangovitra sahady izy ireo amin'ny faha-dimy amby fitopolo taona; raha afaka mihazona an'izany vetivety fotsiny aho!" Dia nohazoniny izany mandra-pahatongan'i Abrahama sy Saraha nanjoko nohon'ny taona, volo fotsy sy soroka milatsaka.

<sup>57</sup> Izany dia mba hanehoana fotsiny fa tsy misy na inona na inona afaka mandresy ny Tanjony. Na dia ny fahafatesana aza dia tsy afaka mandresy ny Tanjony. "Abrahama dia tena maty tsara mihitsy." Ary ny kibon'i Saraha dia efa maty nandritry ny efapolo na dimampolo taona, saingy tsy misy na inona na inona afaka mandresy ny tanjon'Andriamanitra. Antitra ny vatany; nikentrona izany; maina tanteraka ireo lala-nono. Tena nalemy ny fony ka tsy afaka hahatanty fihetsehan-jaza izany. Saingy mamela antsika hahafantatra Andriamanitra eo, fa tsy ho resy ny Tanjony. Nanova an'i Saraha Izzy, ka nanao azy ho vehivavy tanora iray indray. Ary naka lehilahy iray, zato taona, ka namerina azy ho amin'ny hatanorany.

<sup>58</sup> Tsy mampaninona na toa tsy azo inoana toy ny ahoana aza ilay izy, Andriamanitra no nanome ny teny fikasana. "Ary Abrahama dia tsy nihanahana tamin'ny teny fikasan'Andriamanitra, tamin'ny tsi-finoana; fa nahery, nanome dera an'Andriamanitra, satria izy dia nihevitra Azy, hoe Izzy dia afaka manatanteraka an'izay Nampanantenainy."

<sup>59</sup> Noho izany dia tokony ho inona isika izao maraina izao? "Isika no zanaky ny Fampantanantenany. Isika izay maty ao amin'i Kristy, isika no Taranak'i Abrahama, ary mpandova miaraka Aminy, araka ny teny fikasana." Noho izany, tsy mampaninona na aretina firy no tonga, karazana fahafatesana toy ny ahoana no ahafatesantsika, fahantrana firy no andalovantsika, tsy mety resy ny tanjon'Andriamanitra. Hanangana antsika indray Izzy.

“Satria velona Aho, dia ho velona koa ianareo.” Izany no fanantenantsika.

<sup>60</sup> Rehefa fantatro, androany, satria tsingerintaona nahaterahako, ary ho lasa lehilahy antitra iray aho. Mijery ny tenako eo amin’ny fitaratra aho ka hitako fa ilay zazalahy kely, izay nanorina an’ity tabernakla ity, dia tsy io zazalahy kely io intsony. Lasa lehilahy iray azon-taona izy, ireo soroka milatsaka, mivadika fotsy ny volombava, lasa ny volo, saingy tsy misy na inona na inona afaka handresy ny tanjon’Andriamanitra. Tsy misy na inona na inona afaka! Noho izany dia mijanona manana antoka eo amin’ny teny fikasana aho hoe, “Satria velona Aho, dia ho velona koa ianareo.” Mikambana amin’i Joba fahiny aho hoe, “Fantatro fa velona ny mpanavotra ahy, ary hitsangana eto ambonin’ny tany Izy amin’ny andro farany.” Izany no tanjona iray izay ananan’Andriamanitra. Tsy maintsy manompo an’io tanjona io aho. Tsy maintsy entina ao anatin’ny Tanjony ny fiainako manontolo, ary ho an’ny Fandaharany. Tahaka an’izany ny tsirairay avy amintsika. Manana tanjona iray Andriamanitra eo amin’ny . . .

<sup>61</sup> Abrahama antitra dia afaka—afaka niaritra, raha nahita Azy Izay tsy hita maso, satria izany ilay tanjon’Andriamanitra, ka fantany fa Andriamanitra no nanome azy ny teny fikasana. Izany, tsy mampaninona na toy ny hoe mifanohitra aza ny zavatra rehetra, Andriamanitra no nanome an’io teny fikasana io an’i Abrahama. Noho izany, dia nanatanteraka ny Fampanantenany Andriamanitra. Nanao Izy, tamin’i Abrahama. Nanao Izy, tamin’ireo Zanany rehetra. Ary hihazona ny Fampanantenany Izy.

<sup>62</sup> Nisy an’i Mosesy, rehefa nampianarina tao amin’ny fahendrena rehetra an’ireo Egyptiana izy, rehefa fantany fa nanana tanjona iray tao amin’ny fiainany Andriamanitra.

<sup>63</sup> Nisy an’i Jokebeda, ny reniny, izay nitondra ny zazakely malalany, ilay zazakely tsara tarehy indrindra teto amin’izao tontolo rehetra izao, tamin’ilay andro, zaza kely mamy iray; ary nametraka azy tao anatin’ny sambofiara iray ka nanosika azy tao anatin’i Neily, izay nisy an’ireo voay natavy noho ireo ankizy Hebreo, satria izy ireo no namahanany an’ireo voay. Ary nentiny ny zazakeliny ka natosiny avy hatrany tao anatin’ny valanoranon’ny fahafatesana izy, mahafantatra an’izao, hoe tsy mety resy ny tanjon’Andriamanitra. “Ry Andriamanitr’i Abrahama, karakarao ny zanako, ka ento ho eo amin’ny tanjona izay Nitondranao azy izy.” Tsy nisy rano ampy tao Neily handentika azy. Tsy nisy voay ampy teto amin’izao tontolo rehetra izao afaka nitelina azy. Nofidian’Andriamanitra izy.

<sup>64</sup> Ary satrianofidian’Andriamanitra izy, ho an’io tanjona io, dia nofidian’Andriamanitra isika androany, izay mino ny fitsanganan’ny Tompo Jesosy. Ary tsy misy baomba,

tsy misy helo, tsy misy na inona na inona hafa afaka handrava ny tanjon'Andriamanitra. Tsy maintsy hiditra ao amin'ny fitsanganana isika. Teny fikasana iray azontsika avy amin'Andriamanitra izany. Tanjon'Andriamanitra.

<sup>65</sup> Ary, Mosesy, rehefa feno efapolo taona izy, lehilahy iray antenantenan-taona, ary efa nofanina tany an-tsekoly izy. Saingy manana fomba mifaina iray Andriamanitra, matetika, hanaovana an'ireo Zavany hiseho, izay efa Nampanantenainy. Ahoana fa Nentiny nankany ambadiky ny tany efitra i Mosesy, ka namela azy handre an'ireo hiakiaka sy ireo haolo, raha nivembena tany an-efitra izy. Ary tany, irery tany amin'ny tany efitra, ary nidradradra ireo rivotra, ireo maingoka sy cobra, ary, irery, tany an-efitra, hany ka saiky levona izy. Tsy misy na inona na inona afaka handresy ny tanjon'Andriamanitra. Andriamanitra no nanangana an'i Mosesy, ary tsy maintsy nanao an'izay notenenin'Andriamanitra taminy mba hatao i Mosesy, satria tsy mety resy ny tanjon'Andriamanitra.

<sup>66</sup> Izany ilay olontsika, izao maraina izao, Joba, izay tao anatin'ny halalin'ny fahoriany indrindra, rehefa niala taminy ireo hareny rehetra. Maty ireo zanany. Potiky ny vay ny vatany. Ary tao amin'ny fahoriane lehibe indrindra izay hany nisy azy izy. Nipetraka teo amin'ny antontan-davenona iray, niaraka tamin'ny tavim-bilany iray, nihaotra an'ireo vay. Ary hoy ny vadiny teo am-baravarana, "Maninona ianao no tsy manozona an'Andriamanitra dia maty?"

<sup>67</sup> Rehefa nanatodika ny lamosiny taminy ireo mambran'ny fiangonany, nandrity ny fito andro, ka niampanga azy. Nefa, tokony ho nampionona azy. Fa niampanga azy ho mpanota mifaina iray izy ireo, niampanga azy ho mpiverin-dàlana iray.

<sup>68</sup> Tao amin'io ora lehibe io, tao amin'io fotoana lehibe io, izany no fotoana nitondran'Andriamanitra an'i Joba teo amin'ireo fasika masina; izay Itondrany ny mpino tsirairay, ho eo amin'ny fahatsapana iray, any ambadiky ny tany efitra, tahaka ny Nitondrany an'i Mosesy; tao amin'ny toerana kely mifaina, izay Nitondrany anareo; tao amin'ilay tranohevan-tsaribao, izay nahazoako an'Izany. Manana toerana iray Andriamanitra, sy tanjona iray, ary fotoana iray. Ary rehefa Azony tao amin'io toerana io i Joba, dia Azony teo amin'ireo fasika masina izy, satria hanambara zavatra aminy Izy, izay tsy ho veriny mihitsy.

<sup>69</sup> Oh, satria ireo fasika masina ireo! Tsy maintsy mitondra ny tena zanaka tsirairay eo Izy. Mitondra anareo eo amin'ireo toerana ireo Izy, izay tsy misy devoly afaka ho tonga. Tsy misy mpampianatra afaka mba hanazava an'Izany mihitsy. Manome anareo zavatra iray Izy eo amin'ireo fasika any ireo, io fahatsapana io, izay tsy ho hadinonareo mihitsy raha mbola mivalona foana ireo taona; tsy mampaninona na athé toy ny ahoana aza ny reninareo, ny dadanareo, ny

vadinareo lahy, vadinareo vavy, ny mpiara-miasa aminareo, mety ho lasa. Ny mpino marina rehetra dia manana an'io toerana izay nihaonan'Andriamanitra taminy io. Tsy misy anankiray navahana. Ny mpino rehetra dia manana an'izany. Ny olona rehetra izay nateraky ny Fanjakan'Andriamanitra dia mahafantatra an'io toerana io, io minitra io, io ora izay nitondran'Andriamanitra azy io. Ary teo amin'ireo fasika masina, teo amin'ny Fanatrehan'ilay roimemy mirehitra, no Nanaovany zavatra ho an'io mpino io, izay tsy azon'ny toe-tsaina rehetra an'izao tontolo izao ravàna. “Eo ambonin’ity Vatolampy ity, no Hanorenako Ny Fiagonako, ka ny vavahadin’ny helo tsy haharesy Azy.” Eo ambonin’ity Vatolampy ity, ny fanambarana ara-panahy an'ilay Jesosy nitsangana! Eo ambonin’ity Vatolampy ity!

<sup>70</sup> Joba, tao amin’ny fahoriany, ny zavatra rehetra dia lasa. Nihodina nanohittra azy ny vadiny, ary niampanga azy. Ary ireo sakaizany mpino rehetra dia nihodina nanohittra azy satria teolojia irery ihany no nananan’izy ireo. Ary nihodina nanohittra azy ny sisa rehetra.

<sup>71</sup> Fa hoy Andriamanitra hoe, “Avia eto, ry Joba. Hanome zavatra iray ho anao Aho, ry tovolahy. Hametraka zavatra iray ao anatinao Aho izay tsy azon’ny devolin’ny helo rehetra hozongozonina.” Ary tao...Ny mpampianatra rehetra eto amin’izao tontolo izao dia mety hiampanga anareo, amin’ny fomba iray na ny hafa, saingy tsy hihetsika mihitsy izany. Fantatrareo ve izay nataony? Nampiakatra kely an'ilay lamban’efitra fotsiny Izy, ka nanao hoe, “Joba, jereo ny any ankoatra!” Ary inona no hitan’i Joba? Inona no neverinareo fa hitany? Nahita ny Paska izy, ho an’ny fotoany voalohany. Nahita ny Paska voalohany izy, ka nihiakiaka hoe, “Fantatro fa velona ny Mpanavotra ahy!”

<sup>72</sup> Oh, toerana iray voatahy hahatongavana toy ny inona! Ny lehilahy rehetra izaynofidian'Andriamanitra, sy ny vehivavy rehetra ary ny ankizy, dia tonga eo amin'io toerana io eo amin'ireo fasika masina, izay aningain'Andriamanitra an'ilay lamban’efitra ka ahitanareo Azy ao amin’ny herin’ny Fitsanganany. Fantatrareo fa velona Izy. Ary isika, tahaka an'i Joba, dia afaka miantsoantso hoe, “Fantatro fa velona ny Mpanavotra ahy, ary hitsangana eto an-tany Izy amin’ny andro farany. Na dia levon’ny kankan’ny hoditra aza ity vatana ity, dia mbola hahita an'Andriamanitra ao amin’ity nofo ity aho.”

<sup>73</sup> Io fahitana voalohany ny Paska io no nanao mpaminany iray hikiakiaka. Dia nierona ireo kotrokorana, ary nitselatratra ireo tselatratra. Nahita ny Paska izy, ny fotoany voalohany. Oviana no nahitany an'izany? Tsy fony izy nanao ny akanjony tsara voatra; tsy fony izy nanana ny volony voabango, angamba, hatrany amin’ny tendrony; tsy fony izy nankasitraka an'ilay tena fahasalamana tsara indrindra. Fa fony izy tao anatin’ny olana,

fony izy nipetraka tao anatin'ny olana, tamin'ilay ora, ary saiky an'ny fahafatesany, tamin'izany no nahitany ny Paska. 'Teo no nahitany ny fitsanganana voalohany.

<sup>74</sup> Oh, mitovy ilay izy amiko sy aminareo. Izany dia fony isika nipetraka teo amin'ny alitara iray, tany ho any, hany ka vonona ny ho faty isika, ka nanao hoe, "Tompo Andriamanitra, manaova zavatra iray ho ahy!" Tamin'izany no naningain'Andriamanitra an'ilay lamban'efitra ka nahitantsika ny Paska.

<sup>75</sup> Mahita ny Paska isika, tsy amin'ny fanaon'ny teolojia, loatra. Tsy nahita ny Paska mihitsy isika, tamin'ny fanaovana akanjo vaovao. Tsy nahita ny Paska mihitsy isika, toy ny bitro kely sy atody voaloko. Mahita ny Paska ao amin'ny herin'ny fitsanganan'i Jesosy Kristy Tompo isika. Izany no tena Paska.

Ary rehefa nihiakiaka izy, dia namaly tamin'ny Afo Andriamanitra.

<sup>76</sup> Izany i Davida fony izy nolavina sy noroahina. Izany i Davida, rehefa avy nanota izy ka nahavita an'io heloka be vava mahatsiravina io. Izany i Davida fony izy very hevitra ka nesorina ny zananilahy, ny fifalian'ny fony. Izany i Davida, ilay mpaminany sy mpanjaka, izay niantsoantso rehefa hitany fa miha-antitra izy, ary tsy maintsy handeha hiverina amin'ny vovoky ny tany. Izany i Davida izay nanao hoe, "Ary koa, ny nofoko dia hitoetra ao amin'ny fanantenana, satria tsy hahafoy ny Iray Masiny hahita ny lò Izzy, ary tsy hamela ny Ainy ao amin'ny helo Izzy."

<sup>77</sup> Izany dia fony i Davida nahazo ny fotoany ratsy indrindra. Izany dia fony i Davida very hevitra sy tra-pahorianana, ary teo amin'ilay tena oran'ny fahafatesana mihitsy, saiky, ka rehefa nanainga an'ilay lamban'efitra Andriamanitra, dia nanao hoe, "Jereo ny any ankoatra, ry Davida!"

<sup>78</sup> Hoy i Davida hoe, "Ny nofoko hitoetra amin'ny fanantenana, satria tsy hamela ny Iray Masiny hahita ny lò Izzy. Ary tsy hamela ny Ainy ao amin'ny helo Izzy, noho izany dia hitoetra amin'ny fanantenana ny nofoko."

<sup>79</sup> Oh, ao amin'io ora io izany, ry sakaiza. Ao amin'io fotoana io. Ao amin'ireo ora lehibe, an'ny fanohomboana no ahitantsika ny fitsanganana. Ao amin'io fotoana io, no tian'Andriamanitra hanehoana ny Fahasoavany. Ao amin'io fotoana io no tian'Andriamanitra hampiononana ny Zanany.

<sup>80</sup> Ny ora maizina indrindra izay hany hitan'ity izao tontolo izao ity dia ny Zoma Masina; rehefa ireo fanantenana rehetra, voasoratra ny rehetra, ireo fanantenana rehetra izay nananan'izy ireo dia voasoratra teo amin'ny taratasy. Ireo fanantenana rehetra izay nananan'izy ireo dia izay nolazain'ny filozofa iray, nefo teo ilay Andrian'ny Fiainana teo am-pahafatesana teo Kalvary. Izany no ora maizina indrindra izay hany hitan'izao tontolo izao.

<sup>81</sup> Fa ny Paska no namokatra an'ilay ora namiratra indrindra izay hany hitan'izao tontolo izao, satria ireo finoanoam-poana rehetra sy ireo fisalasalana rehetra, ary ireo tahotra rehetra, dia nesorina rehefa nanangana Azy Andriamanitra.

Nahoana ilay izy no maizina? Inona no manao azy ho maizina?

<sup>82</sup> Ndao isika hanaraka, araka ny nolazaiko vao teo, mikasika an'ireo vorona, mikasika an'ireo voninkazo. Mikasika, nahoana no mamony amin'ny Paska ireo lisy kelin'ny Paska? Nahoana ireo vorona no mihira amin'ny lohataona amin'ny taona? Nahoana no mivoaka ireo famoazana? Satria ho avy ny fahavaratra. Inona no manao an'izany? Ny Febroary, no saiky ilay volana ratsy indrindra izay nananantsika, tonga ny ririnina nitohy, nitohy, nitohy, mandra-pahazoany ny famelezany farany, avy eo dia miala izy, mba hanome lalana ho an'ny fiainana. Nahazo ny famelezany farany ny fahafatesana. Tsy maintsy miala izy ary mameila ny fiainana haka ny toerany.

<sup>83</sup> Inona no manao azy ho aizina alohan'ny andro? Izany no aizina indrindra alohan'ny andro. Nilazana isika, tamin'ny alàlan'ireo siantifika, fa manery ny hazavana, tonga, mandeha midina. Tonga manodidina an'izao tontolo izao ny masoandro. Ny hazavany no manery ny aizina. Manao ny famelezany farany izy. Tsy afaka mahatanty intsony izy. Tsy afaka mahatanty eo amin'ny fanatrehan'ny hazavana ny aizina. Tsy afaka manao an'izany izy. Ny hazavana dia mahery folo tapitrisa lavitra noho ny aizina, noho izany dia tsy afaka miara-monina ny hazavana sy ny aizina. Ary rehefa manomboka miakatra ny hazavana, dia mipetraka ny aizina ary lasa miha-kely. Manery azy miaraka izy.

<sup>84</sup> Tahaka ny mandraraka ranomainty fotsiny ao anatin'ny—ny barika feno famotsian-damba. Tsy misy intsony mihitsy izy. Tsy misy intsony ny fahamaintisan-dranomainty rehefa araraka ao anatin'ny famotsian-damba izany. Lasa famotsian-damba izy, izy tenany.

<sup>85</sup> Oh, tahaka an'izany ny fahotana. Rehefa araraka ao anatin'ny Ràn'ny Mpamonjy izy, dia tsy misy intsony mihitsy izy. Lasa izy. Tsy mahagaga raha hoy Izy hoe, "Any amin'ny ranomasin'ny fanadinoina izany." Ilay barika famotsian-damban'Andriamanitra izay tsy afaka hahitana an'izany intsony. Miparitaka fotsiny izy. Tsy misy intsony izy. Tahaka an'izany ny fahotana, rehefa mahita indray mandeha an'ilay tena fitsanganana sy ilay vidiny izay naloa ho an'io fitsanganana io ianareo.

<sup>86</sup> Aizina, miha-kely miaraka, satria tsy maintsy hanjavona tsy ho ela izy. Ary avy eo vantany vao tonga ny hazavana, dia tsy misy intsony ny aizina. Aiza no andehanany? Inona no nitranga tamin'ilay alina mainty, ora vitsy lasa izay, izay nihantona nanodidina an'ity tabernakla ity? Tsy afaka ny hisy

fotsiny izany ankehitriny. Mihiratra ny masoandro. Lasa aiza izany? Ampahany inona no niakarany, na nidina nankaiza izy? Tsy nisy intsony mihitsy izy. Ary izany no antony na ha-maizina azy, dia satria tsy nisy hazavana.

<sup>87</sup> Ary ny antony tsy nananan'ny olona fanantenana, dia tsy nisy ny fitsanganana. Fa ny Paska no namokatra ny fitsanganana. Ankehitriny dia tsy misy intsony ny aizina. Hazavana izao.

Handeha ao amin'ity Hazavana ity isika, ity  
Hazavana mahafinaritra ity,  
Izay tonga eo amin'izay amiratan'ireo andon'ny  
famindrampô;  
Mamiratra manodidina antsika rehetra, andro  
aman'alina,  
Jesosy, ilay Hazavan'izao tontolo izao.

<sup>88</sup> Manery ny alina, ka ndao isika hametraka an'izany isam-pirenena ankehitriny. Ity no ora maizina indrindra, ilay ora maizina indrindra izay hany hitan'ity izao tontolo izao ity. Na dia ny natiora aza dia mangovitra. Amin'ny fotoana anankiray, dia mety ho lasa vovoka ity tany manontolo ity. Inona no hitranga amin'ilay fiantraikany amin'ny...amin'ilay fiantraikan'ny hydrogène na—na—na oxygène, na ny sasamy amin'ireo baomba lehibe ireo, ilay fiantraikany atomika? Ny hazo tsirairay, ny ahitra tsirairay, ny zavatra rehetra, ny ravina tsirairay, ny tanjona tsirairay, ny olona tsirairay, ny zavatra rehetra, dia ho simba potipotika mihitsy ary hiverina ho asidra. Hitanareo ve hoe inona ilay izy? Izao tontolo rehetra izao dia mangovitra. Vonona ireo baomba.

<sup>89</sup> Ny zavatra rehetra dia toa voapetraka tsara ara-potoana. Ary raha manana ny fotoany voapetraka ny aizina, dia tsy mihoatra noho izany ve no ananan'ny Hazavana ny azy voapetraka!

<sup>90</sup> Inona no manao an'ilay izy ho tena maizina ankehitriny? Inona no manao an'ireo zavatra ireo? Ireo fiangonana no nandrava ny fiombonana rehetra. Mifamaly isika. "Oh, misy ve? Metodista aho. Presbyterana aho. Pentekotista aho. Fiangan'Andriamanitra aho. Assemblées aho." Oh, tsy afaka mahita ve ianareo, rankizy? Raha izany ihany no tsy maintsy hijoroantsika, dia isika no ho vahoaka ory indrindra eto amin'izao tontolo izao.

<sup>91</sup> Tena faly aho nohon'ny toerana kely, masina, toerana kely iray eto amin'ny Avenue Ohio, tao amin'ny tranohevan-tsaribao iray, indray hariva, izay naningain'Andriamanitra an'ilay lamban'efitra. Metodista, Batista, Presbyterana, Pentekotista, ny rehetra torana tamin'izany, satria nahita ny Paska aho. Nahita an'i Jesosy ho Mpamonjiko aho. Nahita Azy ho fitsanganana sy Fiainana aho. "Izay mino Ahy—Ahy, na dia maty aza izy, dia

mbola ho velona. Na iza na iza velona ka mino Ahy dia tsy ho faty intsony.” Mahita Azy ho ilay Mpanjaka sy Manam-pahefana tokana aho, ilay zavatra tokana izay afaka nanampy ahy, ilay tokana Mpanoome ny Fiainana Mandrakizay, ilay Anankiray tokana izay afaka nanasitrana ny aretiko, afaka nanaisotra ny faharariako, Izay afaka hanangana ahy amin’ny andro farany. Namela ahy hijery ny ao ambadiky ny lamban’efitra fotsiny Izy, ary nahita Azy aho, ny fitsanganana. Tamin’izay fotoana izay dia nikambana tamin’i Joba aho hoe, “Fantatro fa velona ny Mpavanavotra ahy!” Ary rehefa tsy misy intsony ny Metodista, na Batista, na Presbyterana, na Pentekotista, dia mbola hitohy ho velona foana ny Mpavanavotra ahy na izany aza.

<sup>92</sup> Mety hilaza ianareo hoe, “Eny, tahaka an’ity izany, na tahaka an’itsy izany; raha tsy manao an’ity ianareo, raha tsy manao an’itsy ianareo.”

<sup>93</sup> Mahafantatra tsaratsara kokoa aho, satria efa njery ny tao ambadiky ny lamban’efitry ny fotoana aho. Efa teo amin’ireo fasika masina aho; niaraka tamin’ny mpino tsirairay eto. Tsy misy devoly afaka hikasika an’io fasika io. Tsy misy dokoteran’ny teolojia afaka hanazava an’izany. Nanasitrana ahy Izy rehefa narary aho. Namonjy ahy Izy rehefa very aho. Velona mandrakizay Izy.

Manontany ahy ve hoe ahoana no ahafantarako fa  
velona Izy?

Velona ato anatin’ny foko Izy.

Tsy maty Izy, fa nitsangana tamin’ny maty Izy.

<sup>94</sup> Ary io aizina lehibe izay mihevaheva eo ambonin’ny tany ankehitriny io, dia tsy inona fa manambara hoe manery ny Lèlany midina ilay Hazavana.

<sup>95</sup> Rehefa mihantona tena akaiky ny fahafatesana, ka mety hisy ao anatin’ny ora iray. Afaka ora iray manomboka izao, dia mety hihaona amin’ny fahafatesany izao tontolo izao. Raha mihantona akaiky tahaka an’izany ny fahafatesana, dia inona no manao an’izany? Izany no Fiainana, ho tonga ny Fiainana; ny fitsanganana, ny Paska ho an’ny zanak’Andriamanitra rehetra. Midina ambany izy. Manery izy. Eo am-pidinana ireo Anjely. Eo am-pidirana ilay Fanahy Masina lehibe. Manao ny lakolosim-patiny farany ny aizina, satria ho eto tsy ho ela ny Hazavana. Ho avy Kristy, ilay fifaliana sy fanantenan’ireo taona, tena fitsanganana iray ho an’ny mpino rehetra. Satria handray anjara Aminy isika ao amin’ny Fitsanganany, tahaka ny nandraisantsika anjara Taminy tao amin’ny Fiaretany. “Izay miaritra miaraka Amiko no hanjaka miaraka Amiko.”

Oh, noho izany, dia tsy maintsy entina any an-  
Trano any An-danitra eo ambonin’ny fandriam-  
piadanana misy voninkazo ve aho,

Nefa ireo hafa dia niady mba hahazo an'ilay loka  
 ka nisosa nandalo an'ireo ranomasin-drà?  
 Tsia, tsy maintsy miady aho raha tsy maintsy  
 hanjaka. Ampitomboy ny faherezako, Tompo.

<sup>96</sup> Izany no fivavako. Oh, tsy tokony handeha tahaka ny kanosa iray aho. Tsy tokony handeha manerana aho, isan'andro, miaraka amin'ny lohako mitanondrika, toy ny hoe nisy zavatra nahatsiravina. Rehefa mijery an'izao tontolo izao sy ny aiziny rehetra aho, ary ny fahadalany rehetra; dia tsy maintsy manatraka ny lohako aho, mandeha miaraka amin'ny lohako eo anivon'ireo voromahery, mahafantatra an'ity, hoe, "Mahafantatra Azy ao amin'ny herin'ny Fitsangananay aho." Satria velona Izy, dia velona koa isika. Satria nitsangana tamin'ny maty Izy, dia hitsangana koa aho. Hitsangana koa ianareo. Izany no dikan'ny Paska amin'ny mpino.

<sup>97</sup> Indray andro lasa, tao amin'ny... Nandeha ny Ady Lehibe Voalohany. Nanana an'ireo entona lehibe izay natsipiny izy ireo, toy ny entona motarda sy klôrina, ary nampidi-doza izany. Nanapoizina ny zavatra rehetra izany. Maty ireo ravin-kazo, maty ireo hazo, ary maty ireo ahitra, ny zavatra rehetra, izay nodoran'io entona io (io entona motarda io) rehefa natsipin'izy ireo izany.

<sup>98</sup> Mpitarika fivavahana iray, tamin'ny marainan'ny Paska iray, nandeha nitety an'ireo—ireo tranolay izay nandrian'ireo maratra sy teo am-pahafatesana izy.

<sup>99</sup> Tonga ny mpampivelona iray an'ny Vokovoko Mena. Efa tany amin'ny lohalaharana nandritry ny ela ireo zazalahy, tany, tena reraka izy ireo. Ary noho izany dia nanana a—andiana raozy iray izy teny an-tânany, ary raha nandalo teo amin'ny fandrian'ny marary iray izay nandrian'ireo zazalahy izy, dia nitomany. Paska tamin'izay. Paska iray toy ny inona ho azy ireo; nandalo teo ambony ireo fiaramanidina, ary nilatsaka ireo baomba! Naka raozy iray izy ary nomeny ny zazalahy tsirairay, nanao hoe, "Andriamanitra hitahy anao. Andriamanitra hitahy anao, ranadahy." Namihina an'io raozy io ireo miaramila ireo ary nihiakiaka, satria fantatr'izy ireo fa ilay raozy dia naniry tao amin'ny tany iray azy ireo.

<sup>100</sup> Rahalahy, izao maraina izao, dia ao amin'ny tontolo iray an'ireo poizin'ny entona mampidi-doza isika. Ao amin'ny tontolo izay misy an'ireo karazana foto-pampianarana rehetra sy ny karazany isika, izay manao hoe, "Tsy misy ny fitsanganana. Ary tsy misy ny fanasitravana avy amin'Andriamanitra. Tsy misy *ity*, na *itsy*, na ny *hafa*." Saingy, tsy mpampivelona iray an'ny Vokovoko Mena; fa ny Fanahy Masina no tonga, matetitetika, ka mitondra antsika eo ambonin'ireo fasika masin'ny fahasoavan'Andriamanitra, ary mandraraka ao am-

pontsika ny famantarana kely iray avy any amin'ilay Tany any ankoatry ny renirano.

<sup>101</sup> Hoy izy hoe, “Ry mpitory teny, sakaiza,” hoy izy, “nitsangana tany aho ary nitomany, hany ka tena nitomany aho, ka nilaza aho . . . Nandeha tamin’ny môtô ny iray tamin’ireo zazalahy, tany amin’ireo lohalaharana, teo am-pitan’i La Salle, Lorraine, ary nilaza izy fa handeha ho any hanao karazana fa—fanadihadiana iray. Ary hoy aho . . . Hoy aho taminy hoe, ‘Sérzà, afaka mandeha miaraka aminao ve aho?’ Hoy izy hoe, ‘Izany tokoa, ry mpitarika fivavahana, miakara fotsiny.’ Hoy izy hoe, ‘Ianao no maka ny anao manokana . . . ’ Hoy izy, ‘Mety tsara izany. Tiako fotsiny ny handeha hiaraka aminao.’ Hoy izy, ‘Izany tokoa, miakara fotsiny.’”

<sup>102</sup> Hoy izy, “Nandeha izahay mandra-pahatonganay teo amin’io tany efitra nivadika fotsy io, izay tsy nisy pentina ahitra iray akory aza na inona na inona.” Ary hoy izy, “Raha mbola nametraka ny fitaovany izy, fa tsy maintsy nandefa hafatra izy, na inona na inona no tsy maintsy nataony,” hoy izy, “dia nandeha nihodinkodina kely teo aho. Nieritreritra aho hoe, ‘Oh, tsy Paska iray ve ity! Tao amin’io tany io, izay nanjeran’ny baomba ny tranobe rehetra tamin’ny tany, izay nahalavo an’ireo hazo, tamin’ny balan’ny basy marovava, dia tsy nisy pentina ahitra iray akory aza tavela.’” Hoy izy hoe, “O Andriamanitra, ity no sary iray an’ity izao tontolo izao ity, indray andro any, rehefa nanao ny lakolosim-patiny ny fahotana. Ho ity ilay sary.”

<sup>103</sup> Ary hoy izy, “Ny—ny fisainako sy ny masoko dia voasintona teo amin’ny vatolampy iray.” Ary hoy izy, “Nandeha teo aho, ka nieritreritra hoe, ‘Tompo, nahoana Ianao no mila ahy hitsangana eto akaikin’ity vatolampy ity?’” Hoy izy hoe, “Ningaiko fotsiny ilay vatolampy, ary, rehefa nanainga aho, dia nampiakatra ny lohany ny voninkazon’ny Paska iray. Efa voaaro nandrity ny tafio-drivotra rehetra izy. Nanerana an’ireo poizin’ny entona rehetra, dia tsy nanelingelina azy mihitsy izany, satria voaafina tao anatin’ilay vatolampy izy.”

<sup>104</sup> “Fantattro fa velona ny Mpanavotra ahy.” O Andriamanitra, tsy mampaninona izay lazain’izao tontolo izao, afeno ao anatin’ilay Vatolampin’ireo Taona aho, Tompo. Rehefa mandalo ireo tafio-drivotra, dia avelao aho hampiakatra ny lohako ho amin’ny fiainana indray. Satria velona Izy, dia velona koa isika. Inona no azon’ny mpino lazaina, izay efa teo amin’ireo fasika, izay efa vavolombelon’ireo zavatra ireo? “Fantattro fa velona ny Mpanavotra ahy.”

<sup>105</sup> Ny fiangonana, izao tontolo izao, ny . . . dia mandeha any am-piangonana izao maraina izao; ny maro amin’izy ireo, mba hampiseho palitao vaovao; ny sasany amin’izy ireo, mba hampiseho satroka vaovao. Tsy hahita azy ireo intsony izy ireo hatramin’ny Paska manaraka indray. Mivoaka izany ho an’ny

fampisehoana iray an'izao tontolo izao sady zava-poana. Maro amin'izy ireo no mandeha any am-pianganana, mba hanafina ny fahotany ao ambadika fotsiny ka hikambana amin'ny rafipandaminana lehibe sasany, ary manao hoe, "Izaho no *Ranona-sy-ranona*. Izaho dia mikambana amin'*Izao-sy-izao*." Izany ihany no fantatr'izy ireo. Izany ihany no inoan'izy ireo.

<sup>106</sup> Fa, oh, ho antsika, izao maraina izao, nohon'ny fahasoavan'Andriamanitra, dia mitsangana eo amin'ny toerana iray izay nitsanganan'i Mosesy isika; mitsangana eo amin'ilay toerana izay nitsanganan'i Joba isika; mitsangana eo amin'ilay toerana izay nitsanganan'i Davida isika; ary mihiakiaka amin'ny feontsika rehetra hoe, "Fantatro fa velona ny Mpanavotra ahy, ary hitsangana eto amin'ity tany ity Izy amin'ny andro farany; na dia levon'ny kankan'ny hoditra aza ity vatana ity, dia mbola, hahita an'Andriamanitra amin'nynofoko aho, Izay ho hitan'ny tenako irery; ny masoko no hibanjina, fa tsy ny iray hafa. Tsy nitondra na inona na inona teto amin'ity izao tontolo izao ity isika; zava-poana sy fireharehana izany. Azo antoka fa tsy hitondra na inona na inona isika. Ny Tompo no nanome ary ny Tompo no nanaisotra, isaorana anie ny Anaran'ny Tompo." Zavatra anankiray no fantany hoe, "Velona ny Mpanavotra ahy!" Tsy hoe, "Ho velona Izy." "Velona Izy," fitohizana mandrakizay izany. "Velona Izy!" Ary satria... Hoy Jesosy hoe, "Satria velona Aho, dia velona koa ianareo."

<sup>107</sup> Ndao isika hanondrika ny lohantsika, vetivety fotsiny ankehitriny, ho an'ny vavaka famaranana.

<sup>108</sup> Oh, androany, ry sakaizako mahattra, sasatra, raha tsy mbola tonga teo amin'io toerana io mihitsy ianareo! Oh, hoy ianareo hoe, "Efa teto amin'ny tabernakla aho, matetika, Rahalahy Branham." Mahafinaritra izany. Mankasitraka an'izany aho. "Oh, efa tany amin'ireo fiangonana hafa aho. Efa nandre mpitoriteny tsara niresaka aho." Mahafinaritra izany. "Namaky ny Baiboliko aho." Mbola tsara foana izany.

<sup>109</sup> Saingy efa mba tonga teo amin'io toerana izay Naningainy an'ilay lamban'efitra io ve ianareo, io toerana masina izay nandonan'ny fahatsapana iray ny fonareo io; ka fantatrareo fa ny Paska dia tsy tantara angano iray; ka fantatrareo fa ny Paska dia tsy Santa Claus iray, zavatra foronina kely iray; ka fantatrareo amin'ny tenanareo izany, hoe velona Izy; ary satria velona Izy, dia velona koa ianareo? Raha tsy mbola nahatsapa an'izany mihitsy ianareo, dia izao no fotoana tsara indrindra, eto amin'izao tontolo izao, hamelànanareo an'Andriamanitra hanainga an'ilay lamban'efitra, izao maraina izao. Velona Jesosy. Ary nalefa Izy, eto an-tany, izao maraina izao. Mpamponjinareo Izy androany; angamba ho Mpitsara anareo rahampitso.

<sup>110</sup> Fa tsy mbola nihaona tamin'io fahatsapana io mihitsy ve ianareo? Raha tsia, dia hanangana ny tanganareo fotsiny ve

ianareo, ka hanao hoe, "Andriamanitra, mamindrà fo amiko. Hino aho ankehitriny"? [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.]... olona iry aoriana iry, miaraka amin'ny tènany. Andriamanitra hitahy anao, tompoko, etsy. Olon-kafa iray hanangana ny tènany.

<sup>111</sup> Ny rehetra ato ankehitriny, izay tsy mbola nanana an'io fahatsapana io, hanangana ny tènanareo ve ianareo, hanao hoe, "Andriamanitra, izao maraina izao, amin'ny Fombanao Masina manokana... Tsy hangataka Amino aho na hiteny Amino aho ahoana no tsy maintsy anomezanao an'izany ho ahy, Tompo. Fa, amin'ny Fombanao Masina manokana, Tompo, dia hitondra ahy eo amin'io toerana io ve Ianao izay hitrangan'ny zavatra iray ato am-poko? Efa nanana an'ireo ambony sy ambaniko aho, ireo miditra sy mivoakako, ka tsy afaka mijanona mafy fotsiny mihitsy aho, na ahoana na ahoana. Fa aoka ity no ho tena Paska iray ho ahy. Ento eo amin'io toerana io aho, Tompo, any ambadik'ilay tany efitra. Lasiro any ny foko, izao ankehitriny izao. Ary omeo ahy ireo fasika masina ireo mba hijoroana, eo amin'izay tsy misy demony, na inona na inona hafa, na olona iray hany hilaza na inona na inona amiko, fantatro fa misy izany. Avelao aho hijery ny any ankoatry ny lamban'efitra, ho an'ny ampitso. Izany no antony ahatongavako eto, izao maraina izao, Tompo, mba hahita an'izany. Efa nandre ny mpitory teny nanandrana nanazava an'izany aho. Tiako mba Ianao no hanambara an'izany amiko."

<sup>112</sup> Hanangana ny tènanareo ve ianareo? Andriamanitra hitahy anao, ramatoa. Andriamanitra hitahy anao, ary ianao iry aoriana iry, ilay lehilahy tanora. Ary Andriamanitra homba anao. Eto amin'ny ankaviako, eo amin'ny lèlantsara ankavia. Eto amin'ny ankaviako, hisy olona iray ve hanao hoe, "Andriamanitra, mamindrà fo amiko, izao ankehitriny izao." Andriamanitra hitahy anao, eto amin'ny lèlantsara hafa. Eny. Atsangano ny tènanareo, manaova hoe, "Andriamanitra, mamindrà fo amiko." Andriamanitra hitahy anao, ry ramatoa tanora.

Manina sy reraka aho, ka te-hahita an'i Jesosy aho,  
Te-handre an'ireo lakolosy mamy an'ny seranana  
haneno aho;  
Hanazava ny lèlako sy hampanjavona ny tahotra  
rehetra izany;  
Tompo, avelao aho hijery ny any ankoatry ny  
lamban'efitra ny fotoana.

<sup>113</sup> "Avelao fotsiny aho hijery kely fotsiny, hahita an'i Jesosy ao amin'ny Fitsanganany." Hisy iray hafa ve alohan'ny hamaranana amin'ny vavaka ankehitriny? Aoka ho tso-po fotsiny. Atsangano ny tènanareo. "Tsy mbola nahatsapa ny batisan'ny Fanahy Masina mihitsy aho, Rahalahy Branham." Izany no resahako. Izany no fomba tokana ahafahanareo ho lasa mpandova ny teny fikasana, dia amin'ny alàlan'ny—dia

amin'ny alàlan'ny batisan'ny Fanahy Masina. Fantatrareo izany. Izany no fahaterahanareo. Izany no fasika masinareo. Andriamanitra hitahy anao, ramatoa. Andriamanitra hitahy anao iry aoriana iry, anaka. Andriamanitra hitahy anao, tompoko. Andriamanitra hitahy anao, ramatoa. Andriamanitra hitahy anao eny aoriana. Marina izany. Andriamanitra hitahy anao, andriamatoa. Andriamanitra hitahy anao, ry lehilahy tanora.

Tompo, avelao aho hijery ny any ankoatry ny lamban'efitry ny fotoana.

Avelao aho hijery ny any ankoatry ny lamban'efitry ny alahelo sy ny tahotra,

Avelao aho handre an'ilay lakolosy mamy an'ny seranana haneno;

Hanazava ny lèlakoto sy hampanjavona ny tahotra rehetra izany;

Tompo, avelao aho hijery ny any ankoatry ny lamban'efitry ny fotoana.

<sup>114</sup> [Manomboka misamonomonona ny *Any Ankoatry Ny Lamban'efitry Ny Fotoana* Rahalahy Branham—Mpand.] Raha mitsangana ao amin'io toerana io ianareo, izay tsy fantatrareo fotsiny hoe aiza no misy anareo! Nisy folo na dimy ambin'ny folo ny tènana nitsangana. Tsapako fa misy mihoatra. Amin'ity marainan'ny Paska ity, nahoana no tsy manangana ny tènanareo ianareo ka manao hoe, “Tompo, inty aho. Ary rehefa misokatra io dobo io amin'ny iraika ambin'ny folo ora, izaho dia ho ao anatin'io rano io avy hatrany, ihany koa. Hidina ho an'ny batisa aho, mba ahafahako hitsangana ao amin'ny fanavaozana ny Fiainana, mba handeha hiaraka Aminao, Tompo. Te-hijery ny any ankoatry ny lamban'efitry ny fotoana aho. Tehanana fahatsapana iray aho izao ankehitriny izao, amin'ity marainan'ny Paska ity, mba ahafahako hilaza, amin'ny fotoana rehetra mandritry ny fiainana hoe, ‘Eny, nipetraka tao amin'ny tabernakla biriky tranainy kely iray aho, tamin'ny marainan'ny Paska tsara tarehy iray. Nanainga an'ilay lamban'efitra Andriamanitra. Nijery tany ankoatra aho. Nahita aho fa tsy nidika betsaka ny fiangonako. Hitako fa tsy nisy na inona na inona eto an-tany izay midika betsaka intsony amiko. Teo no namarotako ny zavatra rehetra izay nananako. Nividy an'ilay Perla lafo vidy aho. Nanaiky an'i Jesosy ho Mpamontjiko aho.’ Manangana ny tènako aho ankehitriny, Tompo Andriamanitra. Mamindrà fo amiko. Andriamanitra, te-hijery ny any ankoatry ny lamban'efitry ny fotoana aho.” Hisy iray hafa ve alohan'ny hamaranana izao ankehitriny izao?

<sup>115</sup> Andriamanitra malala, fotoana mihaja iray izao. Mankasitraka an'ireo fitahiana izahay. Nankasitraka ny Teny izahay. Nankasitraka mihoatra noho izay azonay azavaina izahay; ny Fanatrehan'ny Fanahy Masina, Izay nanome anay

an'ity antoka lehibe ity, hoe efa tafafindra izahay, ary efa tafafindra izahay avy tamin'ny—avy tamin'ny fahafatesana ho amin'ny Fiainana. Ary misy ireo izay manatrika ankehitriny, Tompo, maro amin'izy ireo, no nanangana ny tànany. Fotoana mihaja iray izao.

<sup>116</sup> Angamba mety efa nofanina tao amin'ny sekolimpivavahana sasany izy ireo. Mety efa nandoro labozia izy ireo. Mety efa nanao vavaka tsianjery izy ireo, teo ambonin'ireo vakana. Mety efa nikambana tamin'ny anaram-pianganana iray izy ireo; efa nasitrika tamin'ny fomba iray, nandrarahana rano teo amin'ny lohany, nanofafazana. Mety efa nanao tsianjery ny Fanekem-pinoan'ny Apostoly izy ireo ary nandalo fombampivavahana mahazatra. Fa tsy mbola tonga teo amin'io fasika masina io mihitsy, tsy mbola tonga teo amin'io toerana io mihitsy tahaka an'i Joba, tahaka an'i Mosesy, tahaka an'i Abrahama, tahaka an'ireo Zanakao rehetra. Tsy mbola tonga teo amin'io toerana io mihitsy tahaka an'ireo mpianatra izay nandeha nankeny amin'ny fasana, tamin'io maraina io, ka nahita fa lasa Izy.

<sup>117</sup> Ekeo, Tompo, izao ankehitriny izao, ho an'ireo izay nanangana ny tànany, mba ho tonga ao am-pon'izy ireo ilay Fanahy Masina lehibe ka hanao an'io asa lehibe izay angatahanay ankehitriny io. Henoy izahay, Tompo. Anao izy ireo. Izy ireo no vokatry ny Hafatra. Mivavaka aho mba Hitahianao azy ireo, tsara mihitsy. Omeo azy ireo ny batisan'ny Fanahy Masina, androany.

<sup>118</sup> Ary tsy fantatray, mety tsy hahita Paska iray hafa intsony izahay. Tsy isalasalana fa misy ny sasany eto izay tsy hahita; tsy Paska iray tahaka an'ity, Paska iray ho fahatsiarovana iray. Fa, Tompo, enga anie izy ireo hahita an'ilay tena Paska, io anankiray io, Tompo, izay hisy ny vatan'izy ireo ho voavoatra ao amin'ny endrika lehilahy sy vehivavy tanora, indray, mivoaka avy ao am-pasana, mba ho velona mandrakizay.

<sup>119</sup> Tahio izy ireo, Tompo. Anao izy ireo. Ianao no ilay Anankiray Izay nisintona azy ireo. Fa voasoratra hoe, "Tsy misy olona mahay manatona Ahy, raha tsy Ny Raiko no mitarika azy aloha." Ankehitriny dia Anao izy ireo, raha Ianao no nitarika azy ireo. Raha tena akaiky azy ireo Ianao, mba hisintona ny tànany hiakatra, dia tena akaiky azy ireo Ianao mba hanao ny sisa amin'ilay asa. Anao izy ireo, Ray. Ekeo ity mba ho fotoam-piadananana ho azy ireo.

<sup>120</sup> Misaotra Anao ny amin'ireo rehetra izay nanao ny fanapahan-keviny hatry ny ela, ka nahatsapa an'ilay fiainana vaovao, ary nitsangana teo amin'ireo fasika masina. Eto izahay mba hifaly miaraka amin'izy ireo izao maraina izao, ao amin'ireo fanantenana an'ny Fihavian'ny Tompo Jesosy, rehefa izahay ihany koa dia—dia hiombona Aminy, ao amin'ny Fitsangananay,

tahaka ny niombonanay tao amin'ny Fiaretany. Ekeo izany, Tompo. Enga anie Ny Fanahiny hitarika anay sy hitari-dàlana anay, raha manohy mandeha izahay.

<sup>121</sup> Omeo fotoana lehibe iray izahay, ankehitriny, amin'ny sivy sy sasany, Tompo. Ary sitrano avy hatrany ny marary sy ny ory.

<sup>122</sup> Enga anie ireo izay tsy mbola nasitrika mihitsy, ho tonga eo amin'ilay fasana izao maraina izao, hidina, ka hitsangana indray ao amin'ilay fasana rano eto, Tompo, araka ny nanirahin'ny Tomponay. Taorian'ny Fitsangananay dia niseho Izzy ka nanao hoe, "Mandehana mankany amin'izao tontolo rehetra izao, mitoria ny Filazantsara. Izay mino sy hatao batisa no hovonjena." Ekeo, Tompo, dia ho tanteraka izany.

<sup>123</sup> Omeo hariva iray lehibe izahay, androany hariva. Ataovy, Ray, omeo andro iray lehibe izahay. Enga anie izahay hankasitraka ela ny Fanatrehan'Andriamanitra. Fa mangataka an'izany amin'ny Anaran'i Jesosy izahay. Amena.

<sup>124</sup> Misy zavatra fotsiny mikasika an'ilay hira tranainy, manao zavatra ho ahy fotsiny izany! Rehefa lasa ny aizina, dia inona no nitranga? Hazavana. Ndao isika hihira an'izany ankehitriny, ho an'ny voninahitr'Andriamanitra. Ny olona rehetra, miaraka ankehitriny.

Oh, handeha ao amin'ny Hazavana isika,  
Hazavana tsara tarehy,  
Tonga eo amin'izay amiratan'ireo andon'ny  
famindrampio;  
Mamiratra manodidina antsika rehetra, andro  
aman'alina,  
Jesosy, ilay Hazavan'izao tontolo izao.

<sup>125</sup> Rehefa nivoaka Izzy tamin'ny marainan'ny Paska, dia Nopotehiny ny aizina rehetra; nandositra fotsiny. Ankehitriny Izzy dia mitsangana ho ny Hazavana. "Izaho no fananganana sy ny Hazavana, ny fananganana sy ny Fiainana, ny fananganana sy ny any ankoatra." Ny rehetra ao amin'ny rehetra dia ao Aminy.

<sup>126</sup> Tsy tianareeo ve Izzy? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Firy no tia Azy? Atsangano ny tànanareeo, tena ambony. Tsara izany.

<sup>127</sup> Raiso ny tànan'ny olona eo akaikinareeo ankehitriny, raha mihira indray isika. "Isika dia..." Amin'ny ankavanana, amin'ny ankavia, amin'ny aorianana, amin'ny eo aloha. "...Hazavana tsara tarehy." [Miala eo amin'ny fanamafisam-peon'ny polipitra Rahalahy Branham—Mpand.]

<sup>128</sup> Ireo fotoana manaraka dia ho, ankehitriny, amin'ny sivy sy sasany, ary avy eo dia hisy ny fotoan'ny toriteny iray, vavaka ho an'ny marary. Ny fotoan'ny batisa dia hanomboka amin'ny iraika ambin'ny folo ora. Ianareo rehetra izay te-hatao batisa, amin'ny

fanitrihana; feno ny dobo. Hitondra ny akanjoko aho. Hiverina izahay afaka kelikely.

<sup>129</sup> Avy eo, rahariva, dia fotoan'ny hariva hafa iray, no hisy, laharam-panasitravana, Hafatra iray, ary laharam-panasitravana. Ary ho hitanay... Eny, rahariva dia fandraisana hariva eto amin'ny tabernakla, indray. Ho hitanay; manana fandaharana iray tena tery isika, noho izany dia tsy maintsy mandeha haingana isika. Mandehana mankany amin'ny toeranareo voaomana, ataovy ny sakafotra maraina, dia miverena, mifaly.

<sup>130</sup> Raha mbola mitsangana isika ankehitriny ka mihira hoe, "Velona Izy, Velona Izy, velona Kristy Jesosy androany." Eny àry, Rahalahy Neville, ho avy ve ianao.

Velona Izy, velona Izy, velona Kristy Jesosy  
androany!

Mandeha miaraka amiko Izy ary miresaka amiko  
manerana ny lalan-terin'ny fiainana.

Velona Izy, velona Izy, hizara famonjena!

Manontany ahy ve ianao hoe ahoana no  
ahafantarako fa velona Izy? Velona ato anatin'ny  
foko Izy.

<sup>131</sup> Ankehitriny, ny olona rehetra, "Haleloia!" iray lehibe [Hoy Rahalahy Branham sy ny fiangonana hoe, "Haleloia!"—Mpand.]

Velona Izy, velona Izy, velona Kristy Jesosy  
androany!

Mandeha miaraka amiko Izy ary miresaka amiko  
manerana ny lalan-terin'ny fiainana.

Velona Izy, velona Izy, mizara famonjena!

Manontany ahy ve ianao hoe ahoana no  
ahafantarako fa velona Izy? Velona ato anatin'ny  
foko Izy.

<sup>132</sup> Ndaio isika hihira an'izany indray. Rehefa tonga eo amin'io isika hoe, "Velona Izy, velona Izy," dia ndao isika hanangana ny tànantsika Aminy, tahaka an'izao. "Velona Izy. Velona Izy. Manontany ahy ve ianao hoe ahoana no ahafantarako fa velona Izy? Velona ato anatin'ny foko Izy." Ny olona rehetra ankehitriny.

Velona Izy, velona Izy, velona Kristy Jesosy  
androany!

Mandeha miaraka amiko Izy, miresaka amiko Izy  
manerana ny lalan-terin'ny fiainana.

[Miresaka amin'ny olona iray Rahalahy  
Branham—Mpand.]

Manontany ahy ve ianao hoe ahoana no  
ahafantarako fa velona Izy? (Eny àry,  
ankehitriny.) Velona ato anatin'ny foko Izy.

<sup>133</sup> Tsy mahafinaritra ve Izy? Ity fotoana masina, mihaja ankehitriny ity, izay iravantsika, mba handeha any antranontsika ho an'ny sakafo marainantsika. Miverena, mifaly.

<sup>134</sup> Hangataka aho, raha manondrika ny lohantsika isika, raha ny Rahalahy malalantsika Foulst eto, avy any Canada, raha hampirava antsika amin'ny tonom-bavaka iray izy. Rahalahy Foulst, raha sitrakao.



*FANTATRO FA VELONA NY MPANAVOTRA AHY* MAG58-0406s  
(I Know My Redeemer Liveth)

Ity Hafatr'i Rahalahy William Marrion Branham ity, izay notoriana tamin'ny Teny Anglisy hatrany am-piandohany ny Alahady marainan'ny Paska tamin'ny fiposahan'ny masoandro, 6 Aprily, 1958, tao amin'ny Branham Tabernacle ao Jeffersonville, Indiana, U.S.A., dia nalaina avy tamin'ny horonam-peo ary natonta manontolo amin'ny Teny Anglisy. Ity fandikana amin'ny Teny Malagasy ity dia natonta sy nozarain'ny Voice Of God Recordings.

MALAGASY

©2018 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

VOICE OF GOD RECORDINGS  
P.O. Box 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.  
[www.branham.org](http://www.branham.org)

## Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS  
P.O. Box 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.  
[www.branham.org](http://www.branham.org)